TILY ETO MADAGASIKARA

*"Mandehana amin'izao herinao izao (...) ka Tanteraho ny fanompoanao"*
*Mpitsara 6.14 - II Timoty 4:5e*

# TSIRIN-KEVITRA
# HOAN'NY FANDROSOANA
# LOVAINJAFY

Messengers of Peace




Isan'ny sehatra lehibe indrindra afaka handraisan'ny tanora anjara amin'ny fanatrarana ny Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy (ODD) ny skotisma.

Tanora maherin'ny 50 tapitrisa manerana an'izao tontolo izao no miara-mirona mitondra ny anjara birikiny amin'izany amin'ny alalan'ny hetsika skoto.

Mifototra amin'ny fibeaza-tenan'ny tsirairay ny skotisma, io no anisan'ny maha-sehatra tsara toerana azy indrindra hampandraisana anjara ny tanora ho tonga olom-pirenena vanona mandray anjara amin'ny fandrosoana lovainjafy.

Natao ary ity tsirin-kevitra ity mba hitarika ny sain'ise mpiandraikitra amin'ireo hetsika maro samihafa mba hisian'ny fahalalàna bebe kokoa ireo zavatra tokony sy mety atao momba ny fampandrosoana maharitra ary koa hametraka fiantrakany tsara eo anivon'ny fiarahamonina.

Tolo-kevitra ihany ireto fa azon'ise atao tsara ny manatsara sy manitatra ary manampy sy mamorona arak'izay talenta samihafa ananan'ise.

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 1 FONGOTRA NY FAHANTRANA | Fantaro sy hadihadio ny antony mahatonga ny fahantrana eo amin'ny manodidina an'ise na izay faritra lalovan'ise. | Angony izay fitaovana tsy ampiasaina intsony ao amin'ny vondrona misy an'ise ary manokàna fotoana hizaràna azy amin'ny hafa. | | Mamolavola torohaintsakafo mampiasa ireo akora hita eto –an toerana sy be otrikaina ka zarao amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise izany. |
| | | Manorata ampahan-dahatsoratra na lahatsoratra mitantara ny fahantrana iainan'ny faritra iray ary zarao amin'ny mpiray fivondronana na mpiray vondrona am'ise izany. Hevero ny azo hanampiana azy ireo fa ankoatry ny fanomezana vola mivantana. | Rehefa mihaona amin'ny ray amandrenin'ireo beazina ise na ireo tompon'andraikitra sy zoky samihafa eo anivon'ny fivondronana dia fakafakao ny fahaiza-manaony ary angony sy ampifandraiso amin'ireo olona tsy an'asa eo anivon'ny fiarahamonina | Manaova fikarohana momba ireo orinasa mandray andraikitra ara-tsosialy ka aparitaho ho fantatry ny eny amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise izy ireo |
| Manorata taratasy hoan'ireo tompon'andraikim-panjakàna eo amin'ny faritra manodidina an'ise ary fakafakao ny hetsika na asa ataon'izy ireo hampihenana ny tahan'ny fahantrana. Raha misy soso-kevitra avy am'ise dia hazavao ao ihany koa. | Fantaro ireo sehatra na vondrona matihanina mpanampy olona sahirana eo amin'ny faritra manodidina an'ise ary manotania azy amin'ny fomba hanampiana azy ireo na hampahafantarana ny asany amin'ny mpiara-belona. | | | Fantaro ireo vondron'olona na orinasa mpanao hetsika ara-tsosialy manodidina an'ise ary jereo ny fomba hampahalalàna ny asany amin'ny fampihenana ny fahantrana. |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | Misafidiana sakafo 3 avy amin'ny vata fampangatsiahan'ise na ny fitehiirizan-tsakafonareo ka karohy hoe avy aiza ny fihavian'izy ireo sy ny andinindininy mahakasika ny orinasa, vondrona na olon-tsotra namokatra ireny, Inona no tsikaritr'ise ? | Miitadiava mpiompy sy mpamboly dia mifandraisa amin'izy ireo dia manorata tantara mifandraika amiin'ny asa ataony sy ny antony anaovany izany, | Inona no sakafo be mpihinana indrindra maneran-tany? Be otrik'aina ve izany? Manamboara peta-drindrina misy ireo sakafo ara-pahasalamana alefa ao amin'ny gazetin'ny fiangonana misy an'ise | Mikaroha karazam-boankazo sy legioma 10 be otrikaina ary miezaha mamboly fara fahakeliny 1 amin'ireo ao an-tokatranon'ny beazin'ise tsirairay avy na ao am-piangonana na eo anivon'ny fokontany |
| Mifandraisa amina akany mpikarakara ny olona tsy manan-kialofana eny an-toerana ka fantaro ny karazana sakafo arosony ao sy ny antony, | | Manorata amin'ireo tompon'andraikim-panjakana eny ifotony ary anotanio anatin'ny lahatsoratr'ise raha manana vina hanangana fambolem-boankazo sy vokatra iombonana izy. Hazavao ny maha zava-dehibe izany hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. | Manaova fikarohana momba ny firenena iray izay manano sarotra /manahirana ny mamokatra sakafo ao aminy, Inona avy ny fanamby manoloana izany ka mamolavola vahaolana , | 2 FOANA NY HANOANANA |
| Manaova fikarohana momba ny sakafo fihinan'ny firenena samy hafa ( sakafo maraina, sakfo antoandro sy sakafo hariva), Raketo an-tsoratra ny tsy fitoviana hitanao dia tadiavo ny antony mahatonga izany fahasamy hafana izany | | Angony ireo sakafo tsy mora simba fa azo tehirizina ao amin'ny vondrom-piarahamonina misy an'ise ka omeo ny mpanao asa soa eo an-toerana izany | | Avy amin'ireo talentan'ny beazin'ise mahay kisarisary dia manamboara afisy iray na maromaro milaza ny otrik'aina misy eo amin'ny sakafo fihinana mahazatra na ireo voankazo sy legioma misy betsaka eo amin'ny faritra misy anareo |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Tanisao ireo fomba fiaina azon'ny olona atao hahatonga azy ho salama ary azavao; Mamolavola lisitra mifandraika amin'izany ka zarao amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise. | Manamboara peta-drindrina amporisihana ny olona hihinana sakafo ara-pahasalamana ka apetaho amin'ny toerana talaky maso izany ho hitan'ny rehetra | | Mitsidiha trano fitaizana zokiolona, Manorata taratasy amin'izy ireo mba hizarany ny fahendrena ananany sy ny paika madinidinika rehetra iainana am-pahasalamana rehefa mihamahazo taona ise | |
| | 3 FISITRAHANA FAHASALAMANA | Mitadiava fikambanana ao amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise manao asa an-tsitrapo momba ny fahasalamàna ka ampahafantaro ny olona rehetra izany | Manaova fikarohana momba ireo firenena manana taham-pahavelomana ambony indrindra, Inona no anton'izany ary inon any sakafo fihinanan'izy ireo? Manao ahoana ny fomba fiainan'izy ireo? Manomana resadresaka ao amin'ny vondrona misy an'ise momba ny faha ela velona | Manaova fikarohana mahakasika ny fiantraikan'ny tontolo iainana sy ny fahasalamana ka manaova fanavaozana iray eo amin'ny tontolo manodidina an'ise izay afaka hanatsara ny fahasalaman'ny fianakavian'ise |
| Manaova fikarohana momba ny fandinihan-tena lalina na meditation ary manandrama manao izany mandritra ny 5 minitra isan'andro, Mariho hoe ny zavatra tsapan'ise teo aloha sy ao aoriana ny nanaovana izany, Ampianaro olona hafa ny manao izany avy eo | Tadiavo ny anaran'ireo sakafo mampatanjaka sy manohana ny hery fiarovana ary ampahalalao ny hafa izany. | | | Manorata taratasy amin'ny naman'ise anonatanianao ny fahasalamany sy ahalalanao raha mila fanohanana izy ireo manoloana ny zavatra atrehiny |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Nahoana no tsara ny mandeha any an-tsekoly? Manorata taratasy amina mpianatra zandriny hanazavan'ise ny maha-zava-dehibe ny mianatra | Mitanisa zavatra 10 inoan'ise fa mahatonga ny fiainana an-tsekoly ho tsara, Firy amin'ireo zavatra ireo no misy ao an-tsekolinao? Mikarakara fihaonana ao an-dakilasy andinihana ny hanatsarana ny efitrano fianaranareo | 4 FANABEAZANA TSARA KALITAO | Manaova fikarohana momba ireo firenena manana taha ambany amin'ny fahaizana mamaky teny sy manoratra, Inona no azo atao hanampiana ny ankizy hianatra hamaky teny sy hanoratra? Mitanisa zavatra 10 | |
| Miresaha amin'ny talen-tsekolin'ise ary anontanio ireo zavatra ilain'ny sekoly ahafahany manolotra fanabeazana tsaratsara kalitao kokoa, Manorata taratasy fangatahana fanampiana any amina mpanao politika eo an-toerana hamatsiana vola izany | | | Eritrereto ny asa tianao atao rehefa lehiba ianao, Inona avy ny fahalalana ilainao ananana ahafahanao manao izany? Aiza ianao no hianatra? Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao misitraka izany fianarana izany? | Angony ireo boky efa tsy ampiasaina ny ao amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise ka omeo ny tranom-boky na ireo mpanao asa fanasoavana,. |
| | Mitadiava mpianatra zandriny ao amin'ny fivondronan'ise ka ampio izy izay fahalalana ilainy, Ampisehoy amin'ny alalan'ny haitarika ananan'ise fa afaka mampiala voly ny fianarana | | | Manaovafanadihadiana amina Olon-dehibe mahakasika ny niainan'izy ireo ny fiainana an-tsekoly tamin'izy ireo mbola tanora, Tanisao ary raketo an-tsoratra ireo maha samy hafa ny niainany sy ny iainan'ise |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Eritrereto daholo ireo olona mahafinaritra fantatr'ise mahaliana an'ise, Inona amin'izy ireny no mampitsiriritra an'ise? Soraty ny toetra tsara ananan'ny olona tsiriritin'ise ary jereo raha misy toetra iraisana izy ireo | | | Hetezo daholo ireo lahatsoratra an-gazety miresaka momba ny fahombiazana azon'ny lahy sy vavy, mifandanja tsara ve izy ireny ?<br>Atambaro ho lasa iray ireny mba hanehoana ny vokatra hitan'ise ary resaho amin'ny vondorna misy an'ise | |
| Manaova fikarohana hoe firy ny isan'ny mponina ao amin'ny firenenao; ka firy ny vehivavy dia firy ny isan'ny lehilahy,<br>Mariho raha maneho fanohanana vondron'olona iray mihoatra ny hafa ny vondrom-piaraha-monina misy anao, Raha misy izany dia amin'ny fomba ahoana no fisehony?<br>Mieritrereta fomba 5 ahafahan'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise manome fanohanana bebe kokoa ny lehilahy sy ny vehivavy | 5 MIRALENTA | Mandiniha antony 5 mitondra tsy fitoviana eo amin'ny lahy sy ny vavy; Mamolavola fomba ahafahana manohitra ireny antony ireny raha azo atao ao amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise | Inona no tian'ise atao rehefa lehibe ise ? Manorita drafitra ahatongavanao amin'izay tanjonao izany, Misy zavatra manakana ny azahoan'ise ny asa tian'ise atao ve satria lahy na vavy?<br>Miasà miaraka amina namana iray dia fantaro ireo zavatra 5 azo atao analana ny sakana tsy ahatraran'ise ny tanjon'ise | Tombano ny isan'ny ankizilahy sy vavy ao amin'ny sekoly iray na ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise; Mitovy ve ny fahafahan'izy ireo misitraka ny zavatra rehetra ?<br>Ataovy lisitra ireo fotodrafitr'asa tsy azon'ny vehivavy sitrahana.<br>Fantaro ny fomba ahafahan'ny rehetra misitraka azy ireo bebe kokoa |
| | Manaova fikarohana momba ny mari-karama antonony ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy ao amin'ny firenen'ise, Misy tsy fitoviana ve? Tokony hisy ve io tsy fitoviana io? Nahoana no maha-zava-dehibe ny vola? | | | |





| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Manorata tatitra momba ny rano fisotro madio ary nahoana no zava-dehibe ny ahafahan'ny olona misitraka azy ? | Manomana fivoriana miaraka amin'ny tompon'andraikitra handinihana sao mampiasa akora simika izay mandoto ny sakelidrano ny ao amin'ny faritra misy an'ise, Raha misy izany dia amporisihina ny tompon'andraikitra rehetra mba hanova izany ka hampiasa ireo akora tsy manimba ny tontolo iainana | Jereo ny manodidina, ny tranon'ise sy ny tranom-pokonolona dia fantaro hoe aiza no misy fandaniana rano mihoapampana amin'ny tsy misy dikany; Jereo sao misy pompy manary na fantsona simba na fampiasana tsy ara-drariny fa tafahoatra, Antsoy ireo tompon'andraikitra momba izany ary tatero ny zava-misy mba hiasin'ny fanamboarana | Manaova fikarohana momba ny karazan-javatra mety hita ao anatina rano tsy dia madio ary inona ny vokatr'izany amin'ny vatan'olombelona, Ny fikarohana manaraka dia hoe inona no azo atao handiovana ny rano, Raketo an-tsoratra ireo vahaolna ireo manomboka any amin'ny mora indrindra ka hatramin'ny lafo indrindra | |
| | Mitadiava tantara iray avy amin'ny boky ka ny lohahevitra fototra dia ny rano, Manorata angon-dahatsoratra miresaka momba ny lohahavitra fototra sy ny fahombiazan'ny hafatra nampitaina tamin'ny alalan'ilay boky mifandraika amin'ny maha-zava-dehibe ny rano, Manomeza soso-kevitra hanatsarana ilay tantara ahatonga izany hisy fiantraikany kokoa any amin'izay mamaky sy mihaino azy | | | Mamolavola fomba ahafahana manangona ranon'orana ao an-tokatranon'ise ary atao azo ampiasaina io rano io mba ho tonga toerana tsara kokoa ny tontolo |
| Mitanisa renirano 4 lehibe indrindra maneran-tany ary fantaro raha voaloto izy ireo, Inona no tena mandoto azy? Inona ny vokatra aterak'izay fandotoana izay amin'ny kalitaon'ny rano fisotro ho an'ireo vondrom-piaraha-monina eny amin'ny manodidina? Manorata taratasy any amin'ny mpitondra mba amporisika aey ireny hanena ny fandotoana, | | 6 RANO MADIO, FIDIOVANA , SY FANADIOVANA | | |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Karohy ny fivoaran'ny angovo teto amin'izao tontolo izao. Ahoana ny fahitan'ise azy ? Fa maninona no tokony hampiasa angovo azo havaozina isika izao ? Soraty ary resaho amin'ny beazin'ise izany. | | | | 7 ANGOVO MADIO SY MORAVIDY |
| Mikarakarà fivoahana an-tsaha ka ezaho ny mampiasa angovo azo havaozina ary zarao amin'ny fianakaviana ny horonan-tsary nampiasan'ise azy. | Mitadiava hevitra ampiasana herinaratra kely kokoa, Mitanisa fitaovana mandeha amin'ny herinaratra manao asa azo atao amin'ny tanana ihany koa anefa : ohatra hoe aspirateur izay azo asoloina kifafa tsara mihitsy, Jereo raha azon'ise tenterahina amin'ny fiainana andavanandro ireo fanovana ireo dia diniho ny fahombiazany na tsia, | Jereo ireo zavatra tsy ampy ao amin'ny sekoly akaiky an'ise, Mifandraisa amina orinasa afaka manampy; ohatra hoe orinasa manamboatra takelaka mandeha amin'ny herin'ny masoandro izao dia afaka manome sy mametaka izany eo amin'ny tafon'ny sekoly | | |
| | | | | Hamarino tsara hoe maty daholo ny jiro rehetra ao amin'ny trano na fiangonana sa sekoly alohan'ny andehanan'ny rehetra mody |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Nahoana ny olona no miasa? Inona no maha-zava-dehibe ny asa? Manorata manazava ny tatitra manazava ny tombontsoa azo avy amin'ny asa sy ny fanamby atrehin'ny olona sasany mba azahoana asa mendrika / sahaza | | | Mikarakarà hetsika fampahafantarana ireo karazan'asa tsara ho fantatry ny tanora. | |
| Manaova fikarohana momba ny asa 5 ratsy indrindra, Nahoana no eritretretin'ise fa ratsy izy ireo? Inona avy ireo asa tsy tokony ataon'ny olona? Ohatrinona ny tokony karaman'ny olona manao ireny asa ireny? | Mikarakara fifaninanana any an-tsekoly mamoaka hevitra mifandraika amin'ny fandraraharana, Safidio ny hevitra tsara indrindra, ary manaova hetsika anangona ny vola ilaina amin'ny fanombohana ilay hevitra | Eritrereto ilay asa nofinofisin'ise; Inona no ilain'ise ahatratrarana izany? Manorata torolalana maneho ireo dingana arahina azahoana ny asa nofinofisina ka ampitao amin'ireo zandry izany | | Manaoava fikarohana momba ireo orinassa 5 lehibe indirndra maneran-tany ka mitadiava asa ao amin'izy ireo, Inona no zavatra tadiavin'ny mpampiasa ? |
| | | 8 ASA MENDRIKA SY FITOMBOAN'NY HARINKARENA | | Manasa mpandaha-teny ho vahiny ao amin'ny vondrona mba hizara ireo fahaiza-manao fototra sasany mifandraika amin'ny asany, Anontanio azy ireny ny antony nisafidianany io asa io, Fantaro bebe kokoa ny momba io asa io |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Mamolavolà sy manangàna rafitra avy amin'ny tapa-kazo notsimponina tao an-tokotany filalaovana izay mahazaka 1 kg , avy eo ovay hahazaka vesatra bebe kokoa! | | 9 INDOSTRIA, HAIVAO, FOTODRAFITRASA | Mamolavola sarina trano iray mifanaraka amin'ny filan'ny vondro-piaraha-monina iray, Inona no tokony hodinihin'ise ? Manangàna azy amin'ny baoritra ka asehoy amin'ny fampirantiana ao am-piangonan'ise izany | |
| Inona no karazana olana hita ao amin'ny vondrom-piaraha-monina misy anao? Iza avy ireo indostria afaka hamaha ireo olana ireo? Manantona orinasa afaka ny hanao izany. | Inona avy ireo tolotra ilaina mba hampirindra ny fiaraha-monina? Hopitaly ve? Sekoly ve? Inona koa ny ankoatr'izay? Tanisao izany dia ampitahao amin'ireo tolotra misy eny amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise; misy tolotra tsy mbola misy ao aminareo ve? Manorata taratasy any amina tompon'andraikitra eo an-toerana hilazan'ise ny filan'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise. | Mangala sarintani'ny tanan'ise dia farito ny toerana misy ny sekoly, ny hopitaly sy ny gara na fiaran-dalamby. Alaivo ihany koa ny saritany tanàna iray ivelan'i Madagasikara dia ampiatahao izy roa, Inona daholo no maha samy hafa azy ireo? | Manasa olona manana fahasembanana ho any am-pivondronan'ise mba hiresaka mahakasika ny fomba tokony hanovan'ny vondrom-piaraha-monina ireo fotodrafitr'asa na ny hamolavola teknolojia mampiaty bebe kokoa ireo olona manana fahasembanana | Manaova fikarohana mahakasika ireo mpamorona fanta-daza, Inona no asa famoronana nataon'izy ireny ho an'izao tontolo izao?Alaivo sary an-tsaina hoe afaka mamorona zavatra iray hanatsarana kokoa ny fiainana eo an-tany ise, ataovy sary izany dia resaho amin'ny mpiray vondrona am'ise. |
| | | | | |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Manamboara afisy mamporisika ny fampiatiana sy ny fifandeferana eo aminn'y olona rehetra ka apetaho eo amin'ny toerana talaky maso ao amin'ny fokontany izany | | | Mitadiava boky mandalina ny momba ny tsy fitoviana; vakio amin'ny vondron'ise izany ary diniho ireo lohahevitra novoizina tao amin'ilay tantara | 10 MIHENA NY TSY FITOVIANA |
| Eritrereto ireo karazan'olona maneran-tany, Jereo ny fotodrafitr'asa misy ao an-tanànan'ise, fantaro ireo fomba ahafahan'ny tompon'andraikitra mametraka ny toerana ao mora idirana kokoa ho an'ny karazan'olona rehetra ka ataovy ho soso-kevitra izany | Amin'ny fomba ahoana no miampiharihary ny tsy fitoviana eo amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise? Manolora hevitra ahafahana miady amin' ireny tsy fitoviana ireny | Manaova fikarohana momba ireo fikambanana mampiroborobo ny fitoviana ao amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise, Mifandraisa amin'izy ireny dia anontanio ny azon'ise anampiana azy ireo amin'ny fanatanterahana ny asany | Manaova fikarohana mahakasika olona malaza niady mna hampihenana ny tsy fitoviana; Manaova afisy momba an'io olona io mitanisa izany zava-bitany izany izay nitondra fiovana | Manehoa fanajana ny karazan'olona rehetra manao zavatra hafa tsy mitovy amin'ise; Mitadiava fomba hampiroboroboana io idealy io ao amin'ny vondrona misy an'ise. |
| | | | Eritrereto ireo fomba ahafahan'izao tontolo izao mampihena ny tsy fitoviana, Manolora hevitra azo tanterahina maneran-tany hampiroboroboana ny fitoviana,manaova afisy momba izany | |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 11 TANANDEHIBE SY FOKONOLONA LOVAINJAFY | Mikarakarà dian-tongotra iarahan'ny rehetra, ary entano ao anatin'izany ny maha zava-dehibe ny fitsinjovana ny tanàna mba hadio lalandava. | Manaova saritanin'ny faritra misy an'ie na izay lalovanareo rehefa anaty fivoahana an-tsaha. Farito ao anatin'izany ireo toerana tokony antonina raha misy voina toy ny hopitaly, toby miaramila sns. | | Manaova asa firotsahana ho fanavaozana ireo marika fanoroana làlana manodidina anareo. Fantaro ireo marika ao anaty "code de la route" izay manampy an'ise amin'izany. |
| Manaova kisarisary maneho fa tsara ny fisian'ny hazo eo anivon'ny tanàna iray. Apetraho eo amin'ny afisin'ny fiangonana na fokontany na fianarana izany. | Misy mponina teratany (peuples autochtones) ve manodidina anareo ? Toy ny Mikea na ireo mitahiry fomba amam-panao tsy tontan'ny ela ? Manomana fotoana hitsidihana azy ireny sy hahatakatra ny fomba nitehirizany ny tanàna. | | | |
| | | | Fantar'ise ve ny maha zava-dehibe ny fitaterana ? Tanisao ireo karazam-pitaterana misy eo aminareo ary hazavao ny ilàna azy amin'ny fandrosoana sy toekarena. | |



| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | | | | Karohy ny momba ny fanamboarana compost. Manamboara iray dia ataovy ao an-tokantrano na eo anivon'ny fiangonana na fokontany. |
| Fantaro ireo orinasa mpanodina fako ho azo ampiasaina indray manodidina an'ise. Ampahalalao ny hafa fa tsara kokoa ny mampiasa ireny vokatra ireny. | Entano ny vondrona misy an'ise mba hampiasa ireo fitaovana azo ampiasaina matetika toy ny harona tsihy rehefa miantsena. Hialao tsikelikely ny mividy harona sachet. | Manamboara kisarisary misy fanetanana hoe : "Mbola azo ampiasaina, mbola azo harenina, mbola azo lovaina" ireto fitaovana ireto mba hampirisika ny olona tsy hanarinary foana | Manangona ankanjo tsy hanaovana intsony. Raha misy mana talenta amin'ny fanjairana ao aminareo dia zairo izay rovitra ary tolory ny tsy manana fa mbola azo ampiasaina ireny. | |
| 12 FANJIFANA SY FAMOKARANA VOALANJALANJA | | | Zaro tsikelikely ny beazin'ise hahay hitahiry fitaovana iray fa tsy hividy foana. Miantoka ny famokarana voalanjalanja sy lovainjafy izany. | |



| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | Hevero daholo ireo hevitra marobe azontsika atao hampijanonana ny fihafanan'ny tany. Mamorona peta-drindrina mampiseho ireo fomba ireo ary apetraho amin'ny toerana talaky maso eny amin'ny fiaraha-monina eny | Alaivo sary an-tsaina dia mamolavola milina afakamanala ny $CO_2$ eny amin'ny habakabaka, inona no ho dinihan'ise? Mazahoa fahafinaretana eo am-pandinihana | | |
| Inona no atao hoe fiovan'ny toetrandro ? Mitadiava lahatsoratra an-gazety betsaka arak'izay tratra momba ny fiovan'ny toetrandro ka apetaho eo amin'ny takelaka fametahana afisin'ny fiangonana izany | Resaho ny ao am-piangonan'ise na ny filan-kevity ny tanana sao misy toerana malalaka azo ambolena hazo na amafazana masomboly, Azon'ise atao any an-trano koa anefa izany, Mambole hazo dia kolokoloy ary araho maso ny fitombony | | Manaova fikarohana momba ireo orinasa mpandoto indrindra maneran-tany; seha-pamokarana manao inona no misy azy ireo? Mieritrereta fomba ahafahantsika miaina tsy miantehitra amin'ireny indostria mpandoto ireny | |
| | | 13 FEPETRA MIKASIKA NY FIOVAN'NY TOETRANDRO | | |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| 14 VOAHARY AN-DRANO | Tahaka ny ahoana ny habetsaky ny hazandrano fihinan'ise ?<br>Fantatr'ise ve hoa avy aiza ny fihavian'izy ireny?<br>Fantaro bebe kokoa ny fomba fanjonoana hazandrano maharitra tsy toy ny fandrobana ny ranomasimbe | | | Manaova fikarohana momba ny fiantraikan'ny ataon'ny olombelona amin'ny tontolo an-dranomasina,<br>Milaza anarana ranomasimbe tian'ise indrindra ary ataovy sary ny fifandraisana ara-tsakafo miodikodina eo amin'io ranomasimbe io |
| Manaova fikarohana momba ny harena andranomasina lehibe, Inona no tena mampiavaka io tontolo iainana io, Inona no mitranga amin'izao fotoana izao? Ahoana no ahafahantsika manarina izany?<br>Manomana horonantsary na senety mifandraika amin'izay lohahevitra izay ka asehoy ny ao amin'ny vondrona na fiangonana misy an'ise | Mikarakara hetsika fanadiovana faobe mandritra nyiray andro, ka analana ireo fako ety an-tanety mitady manakaiky ny sakelidrano, ny tatatra sy ny toerana rehetra falehan'ny besinimaro ,Mangataha tompon'andraikitra iray hanara-maso ny sahan'asa rehetra ato amin'izany | Inona no biby miaina anaty ranomasina tian'ise indrindra?<br>Manaova fikarohana momba io biby io ary ampianaro mpiray vondrona am'ise izany,<br>Mitadiava hevitra ahafahan'ise mampita izany ihany koa amin'ireo zokiolona ny maha-zava-dehibe io biby io eo amin'ny fifandanjana ara-tsakafo | Isao hoe firy entana manana fonosana plastika ao amiin'ny tokantranon'ise,<br>Mandiniha fomba /safidy hafa tsy ampiasana akora fonosana plastika , Hitan'ise ve ny maha samy hafa izany ?<br>Tombano ny safidin'ise amaritana izay mety kokoa ny maha-zava-dehibe ny fikajiana ny hazandrano ?<br>Inona no hiseho raha mihamafana be loatra ny tany ? | Mitadiava lahatsoratra an-gazety momba ny ranomasimbe maneran-tany, Atambaro ho iray ny tantara rehetra ary apetraho amin'ny toerana talaky maso izany hanairana ny olona ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fikajiana ny ranomasina |
| | | | Mikarakara fotoana andefasana horonantsary iarahan'ny ao amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise mijery momba ny planeta manga, mety ho tolakandro izany na alina arak'izay fahafahana manao izany,<br>Mandritra ny hetsika dia miakanjo t s hirt manga avokoa ny rehetra dia mangala saty alefan'ise amin'ny gazety eo an-toerana | |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | Misafidiana zava-maniry,misy eo an-toerana ka manaova horonan-tsary fohy na horonan-peo fohy hanazavana ny mampiavaka azy,<br>Alefaso amin'ny aterineto izany ary apetraho ao ny rohy mifandraika amin'izany. | | | Misy fiantraikany eo amin'ny tontolo iainantsika ny akora simika , manaova fikarohana momba ny tantely sy ny fanimban'ny akora simika azy ireny,<br>Manatona mpiompy tantely ho any amin'ny fivondronana hiresaka mhakasika ny maha-zava-dehibe ny tantely ary jereo sao misy akora simika any an-tranon'ise ka mitadiava fomba hafa asolo azy ireny |
| Manaova fikarohana momba ireo karazam-biby atahorana ho lany tamingana<br>Amphafantaro ny olona ireo karazam-biby ireo ary ampiroboroboy ny fomba ahafahana miahy azy ireny | Mambole masomboly na zanakazo, kolokoloy tsara ary araho maso ny fitombony ,<br>Manaova fikarohana ny amin'ny fomba fikolokoloana azy dia ampianaro ny hafa izany avy eo,<br>Afaka manao horonantsary kely mihitsy aza ise ampiahafantaran'ise ny hafa fa tena saro-pady ny fotoana voalohany anirian'ny hazo. | | | Mieritrereta anarana zava manan'aina 10 miaina ety an-tanety .<br>Alaivo sary an-tsaina ireo loza mety mihatra amin'izao fotoana izao, inona no azontsika atao isorohana ireo loza ireo sy iarovana ny natiora,<br>Manamboara horonantsary tsotsotra anairana sy ampahafantarana ny hafa |
| 15 VOAHARY AN-TANETY | | Fantaro ny momba ny tany!<br>Inoa no anjara asany ary ny maha-zava-dehibe azy,<br>Atombohy ny fiompiana kankana ary aodino ny zavatr organika rehetra ao amin'ny faritra misy an'ise,<br>Amin'ny fomba ahoana no anampian'ny kankana ny tany?<br>Manaova fanadihadiana momba ny kankana, | | |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | Inona no atao hoe tsy rariny? Ahoana no ahafahantsika miantoka fiaraha-monina marina kokoa? Mitadiava tantara 5 ao amin'ny gazety mahakasika ny tsy rariny dia zarao amin'ny mpiray vondrona izany | | 16 FANDRIAMPAHALEMANA, FITSARANA, ANDRIMPANJAKANA MAHOMBY | |
| Inona no atao hoe Zon'Olombelona ( ZO)? Fantaro ireo aktivista malaza misehatra amin'ny ZO dia jereo ireo teniny tian'ise indrindra ka zarao amin'ny mpiaray vondrona amin'ise izany | Mieritrereta zavatra nisy heverinao hoe tsy ara-drariny, Inona no mahatonga anao hilaza hoe: tsy ara-drariny ilay izy? Inona no maha-zava-dehibe ny rariny? Avereno soratana ireo lalàna folon'ny tily mba iantohana ny rariny sy itondrana fiovana ho an'ny isam-batan'olona | Manaova fikarohana momba ny rariny, ny lalàna sy ny famaizana tao anatin'ny 100 taona lasa, inona ny fiovana nisy? Resaho amin'ny fivondronana izany amin'ny alalan'ny famoronana tetik'asa sy fanehoana an-tsary | Manasà mpitandro ny filaminana ho ao amin'ny fivondronana misy an'ise hitafatafa amin'ny tsirairay ao mahakasika ny lalana/fitsipika, Manomana fanontaniana maromaro apetraka amin'izy ireo ka avoahy an-gazety avy eo na an-tsary hahalalàn'ny hafa izany koa. | |
| | | Manaova fikarohana momba ireo fikambanana mikendry ny hampiroboroboana ny fandriampahalemana, Inona no soso-hevitra avy amin'izy ireny ho antsika ? Manaova afisy hanampiana ny hafa ahafantatra ka hanaraka ny toromarika avy amin'izany. | | Fa maninona ny voromailala no marika hamantarana ny fandriampahalemana raha ny hevitr'ise ? Soraty ary zarao ny hafa ny hevitra fonoson'izany. |



| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| | Karohy ka zarao eo anivon'ny fiarahamonina ireo Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy amin'ny alalan'ny famoronana horonantsary fohy maharitra 2 minitra na horonampeo fohy ihany koa, | Mitadiava orinasa eo an-toerana izay mikendry ny ananana tontolo tsara kokoa,Mikaroha fomba ahafahana hifanohanana amin'izy ireny sy ahatonga ny fivondronan'ise ho mpiara-miombon'antoka aminy | | |
| Manorata taratasy ho an'ny namana, fianakaviana na mpikambana ao amin'ny vondrom-piaraha-monina misy an'ise andrisihana azy ireo hanampy an'ise hanova ny tontolo ho toerana tsara kokoa.<br>Tsindrio mafy fa vitan'izy ireo izany | Amporisiho ireo sekoly sy orinasa eo amin'ny vondrom-piaraha-monina eo an-toerana mba hanaiky ny fanaovana sahan'asa ivelan'ny trano, Ahoana ny fomba ahafahan'ireo mpianatra , mpiara-miasa sy mpiara-belona manova ny tontolo ho toerana tsara kokoa? | | Manomàna fihaonambe ampahafantarana ny ezaka ataon'ny vondrona misy an'ise manoloana ny fanatrarana ny Tanjon'ny fandrosoana lovainjafy Asao hanatrika izany ny Ben'ny Tanana ary mizara mari-pankasitrahana sy amboara | |
| | | | 17 FIARAHAMIASA HO FANATANTERAHINA NY TANJONA | |



Mankasitraka an'ise mivonona mandrakariva hoan'ny fiarahamonina.

Misaotra an'ise ihany koa mandà tena hitondra fanovàna sy hanamafy amin'ny alalan'ny fanabeazana eto anivon'ny Tily Eto Madagasikara eo anivon'ireo beazina iandraiketan'ise.

Hatrany hatrany, meteza ho mpitondra hafatry ny fandriampahalemana!!!